



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2022**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-201

**FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-DALÀNA LAHARANA FAHA-006-2021/PL "RELATIVE À L'EVALUATION DES POLITIQUES PUBLIQUES À MADAGASCAR", IZAY NATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA JOHASY RAHARISOA Eléonore VOAFIDY TAO AMIN'NY DISTRIKAN'I VANGAINDRANO SY IREO MPIARA-DIA AMINY**

Fivoriana Faha-12  
Natao ny  
Alarobia 15 Jona 2022  
- Atoandro -

## FIVORIAMBE

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:-** Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina  
- Andriamatoa RABENIRINA Maminiaaina Solondraibe

**FOTOANA:** Alarobia 15 Jona 2022, tamin'ny 11 ora sy 45 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandinhiana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2021/PL “relative à l’Evaluation des Politiques Publiques à Madagascar”, izay natolotry ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore voafidy tao amin’ny Distrikan’i Vangaindrano sy ireo mpiara-dia aminy.

Nitohy ny Alarobia 15 Jona 2022, tamin’ny 11 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoran’ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Nampahatsiahny ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony, izay ho fandinhiana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2021/PL “relative à l’Evaluation des Politiques Publiques à Madagascar”, izay natolotry ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore voafidy tao amin’ny Distrikan’i Vangaindrano sy ireo mpiara-dia aminy, Ramatoa Filoha, rehefa avy nisaotra ny Mpitantsoratra tamin’ny nanatontosany ny fiantsoana anarana.

Taorian’izay, niangavy ny Mpampakatenin’ny Vaomiera, ny tenany, mba hamaky ny tatitra momba ny Tolo-dalàna.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RICHARD Tsimahalefy Alexandrine, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata 7 Jona 2022 tamin’ny 3 ora, tolak’andro, ny Vaomieran’ny Fanombanana ny Politikam-panjakana; ny Vaomieran’ny Lalàna ary ny Vaomieran’ny Toekarena sy ny Fanaovana ny Tetipivoarana nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2021/PL «relative à l’Evaluation des Politiques publiques à Madagascar», izay natolotry ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore voafidy tao amin’ny Distrikan’i Vangaindrano sy ny mpiara-dia aminy.

Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, Solombavambahoaka mpikambana ao amin’ny Vaomieran’ny Fanombanana ny Politikam-panjakana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. JOHASY RAHARISOA Eléonore
2. RAVELOSON Guillaume Narinandrasana
3. RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine
4. RABENIRINA Maminaina Solondraibe
5. PEPIN Michou

Ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera momba ny Lalàna tonga nivory:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. IDEALSON
2. JOHASY RAHARISOA Eléonore
3. PEPIN Michou
4. RAVELOSON Guillaume Narinandrasana
5. RABENIRINA Maminaina Solondraibe
6. RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine

Tsy nisy tonga ireo mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Toekarena sy ny Fanaovana Tetipivoarana.

Ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nivory,

Andriamatoa isany:

1. RANDRIAMISA NAINA Marie Nicolas David
2. EDIZARD
3. MAMANGY Norbert

Ireto kosa ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta tonga nivory:

Andriamatoa isany:

- |                                   |   |
|-----------------------------------|---|
| 1. RAZAFINTSALAMA Ivan            | C/SBDDSNISE MEF/DGEP/DCSEP                          |
| 2. RAKOTONIRINA Andriamalala Jean | Magistrat DERL/MINJUS                               |
| 3. RAMAHEFARISOA Lovaniaina       | Conseiller Parlementaire et cellule d'appui<br>CEPP |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny an-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, ny fitenenana mba hitondrany fanazavana mikasika ny Tolo-dalàna.

Nolazainy tamin'izany, fa araka ny voalazan'ny Lalàmporenana izay nanan-kery tamin'ny taona 2010 hita ao amin'ny andininy faha-68 dia ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona no manao ny asa fandaniana ny lalàna, fanaraha-maso ny asan'ny Governemanta ary farany manao ny fanombanana ny politikam-panjakana. Tamin'ity fe-potoana fanaovan-dalàna ity no nananganana voalohany ny Vaomiera misahana ny Fanombanana ny Politikam-panjakana raha toa tsy hita taratra izany teo aloha. Tafiditra ao amin'ny tambazotra iraisam-pirenena misahana ny politikam-panjakana ihany koa ity Vaomiera ity araka izany.

Amin'ny ankapobeny, mba hikendrena fahombiazana eo amin'ny fanatanteraha ny politikam-panjakana no antony anaovana ny asa fanombanana. Io mantsy no fomba hamantarana ny antonanton'ny vokatra azo rehefa mampihatra ny politikam-panjakana, ka raha misy ny vokatra tsara dia tokony hamafisina sy aparitaka ary raha misy kosa ny lesoka dia hatao ny fanitsiana na fanarenana mifanandrify amin'izany ka navoitry ny fanombanana. Tsy ny fandiam-bolam-panjakana ihany no hanaovana tombana, fa tokony ho amin'ny lafiny rehetra amin'ny politikam-panjakana mba ho famahana ny olana amin'ny fampandrosoana eny anivon'ny vahoaka.

Ho fanamafisana ny asa fanaovana tombana ny politikam-panjakana no antony anolorana izao tolo-dalàna izao. Nanamarika izy fa nisy atrikasa indroa miantoana nentina namolavolana izany, ka ny voalohany dia natao tato amin'ny Antenimierampirenena izay niarahana tamin'ny Solombavambahoaka sy ny teknisan'ny Antenimierampirenena ary ny Antenimierandoholona, ireo avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana sy ny Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitatanam-bola ary ireo mpitsara ao amin'ny Fitsarana momba ny Kaonty. Ny faharoa kosa, natao teny amin'ny NOVOTEL tamin'ny 28 sy 29 Oktobra 2021 izay niarahana tamin'ny mpisehatra maro, toy ny Solombavambahoaka, ny solotenan'ny Fiadidiana ny Repoblika, ny solotenan'ny Antenimierandoholona, ny solotenan'ny Minisitera maromaro, ny solotenany Fiadidiana ny Faritra (Sekretera jeneraly), ny solotenan'ny Ben'ny Tanàna ary ny solotenan'ny firaismamonim-pirenena, sns....

Nandritra ny fe-potoana fanaovan-dalàna faharoa tamin'ny taona 2021 dia efa nandalo asam-baomiera izay nandany azy ity Tolo-dalàna ity, kanefa noho ny fanamarihana avy amin'ny Governemanta dia nanapakevitra nanemotra ny fandinohana azy ny fivoriambe.

Taorian'izay, niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

### **FANAMARIHANA AVY AMIN'NY SOLOMBAVAMBAHOAKA**

Manoloana izany dia nitazona ny fanehoan-keviny nandritra ny asam-baomiera tamin'ny taona 2021 ny Vaomiera momba ny Lalàna izay nilaza, fa azo raisina ity Tolo-dalàna ity satria mifanandrify amin'ny teboka faha-7 sy faha-24 ao amin'ny andininy faha-95 ao amin'ny Lalàmpanorenana; na izany aza, nanatsidika ihany koa izy hoe ilaina sa tsia ny fametrahana lalàna amin'ny fanaovana tombana ny politikam-panjakana sy ny fananganana ny rafitra CNE izay hita ao amin'ny Tolo-dalàna.

Etsy ankilany anefa, nisy nilaza fa tena ilaina ny fametrahana ity lalàna ity satria ny fametrahana fanontaniana amin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta izay ifanatrehana dia tokony hiainga amin'ny asa fanombanana ny politikam-panjakana, fa tsy ireo fanontaniana apetraka mandritra ny fifanatrehana no azo ambara fa fanombanana ny politikam-panjakana. Ny fotoana ametraham-panotaniana koa fohy loatra ka tsy ampy anaovana fanadihadiana ahazoana manombana ary ny valin-tenin'ny mpikambana ao amin'ny Governemanta koa tsy ampy satria voafetra ny fotoana.

Ny filazana fa tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana ity Tolo-dalàna ity dia fahefan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no mamaritra izany.

Manaraka izany, raha toa voalaza ao amin'ny Lalàmpanorenana, fa misy tantsoroka avy amin'ny Fitsarana momba ny Kaonty dia tsy midika velively izany fa ity farany no tompon'antoka manontolo amin'ny asa fanombanana satria faritan'ny Lalàmpanorenana mazava fa asan'ny Antenimiera izany.

Fanampin'izany koa, tsy raharaha anatin'ny Antenimiera fotsiny ny fanombanana ny politikam-panjakana, fa misy ifandraisany amin'ny Governemanta sy ny rantsamangaika maro. Eo ihany koa ny fiaraha-miasa amin'ny Fitsarana momba ny Kaonty izay samy tsy voafehin'ny Fitsipika Anaty eo anivon'ny Antenimiera.

Eo rahateo koa ny famaritana ny famatsiam-bola hanatontosana izany fanombanana ny politikam-panjakana izany.

### **FANAMARIHANA AVY AMIN'NY TEKNISIANA**

Rehefa vita izay, nomena fitenenana ny solotenan'ny Governemanta. Nambaran'izy ireo tamin'izany, fa araka ny voalaza ao amin'ny fanamarihana avy amin'ny Governemanta dia tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana ity Tolo-dalàna ity satria raha ny andininy faha-93-ny Lalàmpanorenana dia ny Fitsarana momba ny Kaonty no manome tantsoroka ny Solombavambahoaka amin'ny asa fanombanana ny politikam-panjakana, ka tsy tokony hanangana rafitra vaovao hafa indray ny Antenimiera, kanefa raha tsy maintsy atsangana ihany io rafitra vaovao io, tokony ho any amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimerampirenena no hamafisina sy hananganana izany.

Taorian'izany, niroso tamin'ny fandaniana isan'andininy momba ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Famelabelarana ny antonantony: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)  
Andininy voalohany: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-2: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana).

Andininy faha-3: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-4: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy faha-5: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna. (jereo tovana).

Andininy faha-6: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna. (jereo tovana).

Andininy faha-7: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-8: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-9: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-11: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-12: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-13: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-14: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-15: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Andininy faha-16: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Taorian'izay, niroso tamin'ny fandaniana amin'ny ankapobeny momba ny Tolo-dalàna ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana.

Noho ny tsy fahatrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra, naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay, nolianian'ny Vaomiera tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2021/PL «relative à l'Evaluation des politiques publiques à Madagascar», izay natolotry ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore voafidy tao amin'ny Distrikan'i Vangaindrano sy ny mpiara-dia aminy ka hoentina any amin'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 6 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

### TOVANA

VERSION ORIGINALE	VERSION AMENDEE
<p><b>EXPOSE DES MOTIFS</b></p> <p><u>Madagascar a choisi de pratiquer une démocratie représentative où l'équilibre entre les pouvoirs demeure la garantie du bon fonctionnement du régime politique. Trois pouvoirs séparés se limitant mutuellement et assumant chacun son rôle en est la clé de voûte. La Constitution de la quatrième République a instauré cet équilibre entre la fonction exécutive, la fonction législative et la fonction juridictionnelle de l'Etat.</u></p> <p><u>Suivant les règles élémentaires de la démocratie, selon lesquelles le pouvoir souverain appartient au peuple et que les dirigeants ne peuvent que l'exercer en son nom et pour son compte, les gouvernants sont donc redevables envers les citoyens. Et cette obligation de redevabilité est reflétée notamment par l'adhésion au principe d'une évaluation effectuée par et/ou sous l'égide de leurs représentants élus. Un système doit ainsi être mis en place pour assurer la transparence et l'obligation de rendre compte qui s'imposent aux dirigeants politiques.</u></p>	<p><b>EXPOSE DES MOTIFS</b></p> <p><b>Conformément aux dispositions de l'article 68 de la Constitution, «le Parlement comprend l'Assemblée Nationale et le Senat. Il vote la loi, il contrôle l'action du Gouvernement, il évalue les politiques publiques».</b></p> <p>Les constituants ont ainsi voulu charger le Parlement d'une mission éminemment importante en termes d'amélioration de la gouvernance publique qu'est l'évaluation des politiques publiques. D'une manière générale, l'évaluation des politiques publiques s'énonce comme étant une démarche rationnelle permettant d'en apprécier la pertinence, la cohérence, l'effectivité, l'efficacité, l'efficience et les impacts. Elle s'inscrit globalement dans le contexte de la gestion axée sur les résultats pour le développement (GARD) pour une gouvernance publique orientée sur la performance.</p> <p>Si la recherche de l'efficacité et l'efficience des interventions publiques - une des finalités de l'évaluation des politiques</p>

Transposée dans le domaine de la gestion publique, la redevabilité n'implique plus exclusivement les ordonnateurs et comptables publics et autres acteurs des finances publiques, mais s'étend à l'ensemble des acteurs des affaires publiques.

Il ne s'agit plus uniquement de l'utilisation des deniers publics mais de l'opportunité, de la pertinence, de la cohérence, de l'effectivité, de l'efficacité, de l'efficience et des impacts des activités financées par lesdites dépenses ou initiées au titre de la puissance publique. En somme, le système adéquat consiste à faire en sorte que les politiques publiques, qui doivent être orientées vers l'intérêt général, fassent l'objet d'une évaluation, afin de statuer si elles ont répondu aux attentes des citoyens, qui bien que contribuables n'en restent pas moins titulaires du pouvoir souverain.

Si la nécessité et l'utilité de l'évaluation des politiques publiques en ce qu'elle constitue un outil de pilotage pour le renforcement ou l'ajustement de l'action publique ne sont plus discutables, la pratique et le processus à suivre méritent d'être bien définis.

Dans la pratique, en matière de conduite des affaires publiques, l'organe exécutif est investi des pouvoirs de formuler et d'exécuter les politiques publiques, alors que l'organe législatif est doté du pouvoir d'autoriser et de contrôler leur exécution, et avec l'assistance de l'organe juridictionnel, il en assure l'évaluation. La Constitution, en ses articles 55, 63, 65, 68, 93 et 101, a bien

**publiques - constitue un enjeu majeur dans la plupart des pays développés où un niveau élevé des dépenses publiques se conjugue à une défiance croissante à l'égard des institutions politiques, elle est encore balbutiante dans la majorité des pays en développement.**

A Madagascar, elle demeure pratiquement inconnue avant la révision constitutionnelle de 2010. Ce n'est qu'en 2019 qu'une Commission de l'Evaluation de Politique Publique a été mise en place au sein de l'Assemblée Nationale. Dans le pays, la culture de l'évaluation est encore loin d'être acquise. Dans la pratique, l'évaluation, souvent associée au suivi, au niveau institutionnel est assurée par une Direction ou un Service qui se charge également de la planification et de la programmation. Le dispositif du Système National Intégré de Suivi – Evaluation (SNISE), dont le cadre organisationnel est prévu par le décret n°2008-524 du 06 juin 2008, est notamment utilisé pour apprécier d'une part l'état d'avancement des résultats des programmes du gouvernement et des priorités régionales, l'impact de ces résultats au niveau de la population, et d'autre part pour publier périodiquement de manière synthétique, les résultats globaux des programmes du Gouvernement et des priorités régionales et éventuellement un rapport stratégique sur les principaux problèmes rencontrés dans la mise en œuvre des programmes en vue d'une réorientation de la poursuite des interventions du Gouvernement.

Par ailleurs, contrairement à ses pairs africains, Madagascar ne dispose pas encore d'une politique nationale d'évaluation. Parallèlement, la dynamique des associations œuvrant dans le domaine de

délimité les responsabilités de chaque organe impliqué dans le cycle d'une politique publique.

Dans ce sens, le Président de la République fixe les orientations générales de la politique générale de l'Etat (Art.55) et le Gouvernement dirigé par le Premier Ministre en assure la mise en œuvre (Art.63 et 65), tandis que le Parlement assisté par la Cour des Comptes, contrôle l'action gouvernementale et évalue les politiques publiques (art.68 et 93). La responsabilité du Gouvernement devant les représentants du peuple au sein du parlement, dans sa manière de mettre en œuvre les politiques publiques, reste confirmée par le prescrit constitutionnel (art.101 et 102).

Aussi, malgré les dispositions constitutionnelles explicites institutionnalisant l'évaluation des politiques publiques, des dispositions législatives doivent être prises afin d'en préciser les modalités, notamment les acteurs et le schéma institutionnel, la procédure et le financement. Ceci, tout en s'assurant du respect des normes généralement admises, notamment, les normes d'évaluation des Nations Unies à savoir: l'utilité, la crédibilité, l'indépendance, l'impartialité, la transparence et l'éthique. Ce faisant, le pays se dote d'un outil de contrôle démocratique qu'est l'évaluation des politiques publiques permettant aux citoyens tout au moins à leurs représentants de se forger une opinion fondée sur l'action publique et de participer au débat sur d'éventuels ajustements ou renforcements. Ainsi, cet outil va contribuer à rétablir la confiance

**l'évaluation, comme le Malagasy Association for Evaluation (MASSE), est assez récente.**

**Au regard du contexte qui prévaut, les acteurs institutionnels de l'évaluation des politiques publiques ne sont pas encore suffisamment engagés dans le processus. Dans l'ensemble, l'évaluation demeure encore jusque-là une activité sporadique, désorganisée, et irrégulière sans un véritable fil conducteur ni une finalité précise.**

**La présente loi relative à l'évaluation des politiques publiques à Madagascar arrive ainsi à point nommé. Elle constituera le cadrage juridique permettant de définir les modalités de mise en œuvre de l'évaluation des politiques publiques telle que prescrite par la Constitution. Elle énoncera les parties prenantes aux activités d'évaluation des politiques publiques, déterminera les interactions entre les organes qui y participent et fixera les procédures y afférentes. Elle mettra enfin en place un système de financement de cette nouvelle mission parlementaire.**

**-LE RESTE SANS CHANGEMENT-**

<p><u>de la population envers les institutions.</u></p> <p><u>La présente loi a alors pour objet de déterminer les parties prenantes aux activités d'évaluation des politiques publiques, de définir ainsi les interactions entre les organes qui y participent, de fixer la procédure à suivre en la matière et enfin de mettre en place un système de financement de cette nouvelle mission parlementaire.</u></p> <p>La présente loi comporte seize (16) articles organisés en quatre chapitres:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- Chapitre I : Dispositions Générales</li> <li>- Chapitre II : De l'Organisation Institutionnelle de l'Evaluation des Politiques Publiques</li> <li>- Chapitre III: De la Procédure à suivre en matière d'Evaluation des Politiques Publiques</li> <li>- Chapitre IV : Dispositions diverses et finales</li> </ul> <p>Tel est l'objet de la présente Proposition de loi.</p>	<p><b>Article.-2:</b> Sont soumises aux présentes dispositions toute politique initiée, élaborée,, mise en œuvre et financée par l'Etat Malagasy, ses démembrements, tout organisme public national, et les <u>PTF</u>.</p> <p><b>Article-2:</b> Sont soumises aux présentes dispositions toute politique initiée, élaborée, mise en œuvre et financée par l'Etat Malagasy, ses démembrements, tout organisme public national, <b>et les partenaires techniques et financiers.</b></p> <p><b>LE RESTE SANS CHANGEMENT-</b></p>
<p>L'évaluation.....l'efficience, la cohérence et les impacts</p>	
<p><b>Article.-5:</b> Aux fins de coordonner et d'exécuter l'évaluation des politiques publiques à Madagascar, une structure nationale permanente à deux niveaux rattachée aux deux chambres du parlement est créée.</p>	<p><b>Article.-5:</b> Aux fins de coordonner et d'exécuter l'évaluation des politiques publiques à Madagascar, une structure nationale permanente à deux niveaux rattachée aux deux chambres du parlement est créée.</p>

<p>La structure permanente est composée de deux organes:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- le Conseil National de l'Evaluation (<u>CNE</u>) qui est chargé du pilotage des initiatives et des actions d'évaluation des politiques publiques; et</li> <li>- le Secrétariat Exécutif de l'Evaluation (<u>SEE</u>) qui est chargé de la coordination technique de la mise en œuvre des actions d'évaluation des politiques publiques</li> </ul>	<p>La structure permanente est composée de deux organes:</p> <ul style="list-style-type: none"> <li>- le Conseil National de l'Evaluation <b>en abrégé « CNE »</b> chargé du pilotage des initiatives et des actions d'évaluation des politiques publiques;</li> <li>- le Secrétariat Exécutif de l'Evaluation <b>en abrégé « SEE »</b> chargé de la coordination technique de la mise en œuvre des actions d'évaluation des politiques publiques.</li> </ul>
<p><b>Article.-6:</b> Le Conseil National de l'Evaluation, en tant qu'organe de pilotage, est composé de trois (03) représentants de l'Assemblée nationale, désignés par arrêté du Président de l'Assemblée nationale, de trois (03) représentants du Sénat désignés par arrêté du Président du Sénat, de deux (02) Magistrats de la Cour des Comptes désignés par ordonnance du Président de la Cour des comptes,</p> <p><u>de deux (02) représentants du Gouvernement désignés par le Premier Ministre Chef du Gouvernement,</u></p> <p>d'un (01) représentant désigné par la plateforme des organisations du secteur privé, de deux (02) représentants des Organisations de la Société Civile, dûment désigné par la plateforme d'organisations de la société civile concernée.</p>	<p><b>Article.-6:</b> Le Conseil National de l'Evaluation, en tant qu'organe de pilotage, est composé de trois (03) représentants de l'Assemblée nationale, désignés par arrêté du Président de l'Assemblée nationale, de trois (03) représentants du Sénat désignés par arrêté du Président du Sénat, de deux (02) Magistrats de la Cour des Comptes désignés par ordonnance du Président de la Cour des comptes,</p> <p><b>SUPPRIME</b></p> <p>, d'un (01) représentant désigné par la plateforme des organisations du secteur privé, de deux (02) représentants des Organisations de la Société Civile, dûment désigné par la plateforme d'organisations de la société civile concernée.</p>
<p><b>Article-13</b> Le Conseil National.....</p> <p>L'inscription des crédits au profit de la structure nationale d'évaluation pour le prochain exercice se fera au cours de la plus proche loi des finances suivant la promulgation de la présente loi. Les deux chambres du parlement, en étroite collaboration avec le Ministère de l'Economie et des Finances, sont chargées de la réalisation des présentes dispositions.</p>	<p><b>Article-13</b> Le Conseil National.....</p> <p>L'inscription des crédits au profit de la structure nationale d'évaluation pour le prochain exercice se fera au cours de la plus proche loi des finances suivant la promulgation de la présente loi. Les deux chambres du Parlement, en étroite collaboration avec le Ministère <b>en charge</b> de l'Economie et des Finances, sont chargées de la réalisation des présentes dispositions</p>

Nanambara, Ramatoa Filoha, rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny famakiany ny tatitra, fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana mikasika izany ny mpivory.

Tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra ny Solombavambahoaka.

Andriamatoa RAKOTONIRINA Andriamalala Jean, teknisiana avy ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, kosa nanao fanitsiana ary nilaza fa "Ministère en charge de Finances" ihany no izy, fa tsy "Ministère en charge de l'Economie et des Finances" ny ao amin'ny andininy faha-13, ao amin'ny "version amendée".

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana momba ny tatitra intsony ny mpivory, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna, mba ahafahany manazava misimisy kokoa mikasika izany.

Nomarihan-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, raha nomena fitenenana izy, fa efa indroa no nentina teto anivon'ny Antenimierampirenena ity Tolo-dalàna ity saingy nahemotra foana ny fandinhana azy.

Araka ny efa voalaza tao amin'ny tatitra, ny antony nanolorana izao Tolo-dalàna izao dia asa ankinin'ny Lalàmpanorenana amin'ny Solombavambahoaka ny fanombanana ny politikam-panjakana izay volavolaina eny anivon'ny Fahefana Mpanatanteraka.

Tsy resaka fandaniam-bola nataon'ny Governemanta ihany no tombanana amin'izany fa ny endrika rehetra ao anatin'ny politikam-panjakana. Izany hoe, tafiditra ao koa ny fomba fiasan'ny tomponandraikitra sy ny rafitra apetraka hisahana ny andraikitra. Arak'izany, asa lehibe ny fanaovana tombana satria ahafahana mamantatra hoe tratra na tsia ny tanjona napetraky ny fitondram-panjakana ary hijerena ny tokony hatao raha tsy tratra izany.

Nambarany koa, fa voafaritra mazava ao anaty Lalàmpanorenana ao amin'ny andininy faha-68 sy faha-93 ary faha-101, fa andraikitry ny Antenimiera ny manao fanombanana ny asan'ny Governemanta ary manampy azy amin'ny fanatanterahana izany ny "Cour des Comptes", ka tokony hisy ny famarimparitana mazava ny fepetra mikasika izany.

Rehefa nandalo tany amin'ny Governemanta anefa ity Tolo-dalàna ity, nahavoaray fanamarihana ny Solombavambahoaka fa tsy manaraka ny Lalàmpanorenana ny Tolo-dalàna natolotra satria mila fananganana rafitra antsoina hoe: "Conseil National de l'Evaluation" izany. Raha jerena anefa ny Lalàmpanorenana, tsy misy manakana ny fananganana ny rafitra. Tsy misy filazana ihany koa ato anatin'ity Tolo-dalàna ity, fa "Etablissement Public National" na EPN izany rafitra izany. Tsara ho fantatra koa anefa, fa raha EPN no apetraka dia "décret" na Didim-panjakana no ananganana azy. Noho izany, diso ny filazana fa tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana ny voalaza ato anaty Tolo-dalàna. Raha misy zavatra tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana izany, mbola eo ny HCC na ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana izay tsy maintsy andalovana raha ohatra ka lany eto amin'ny Antenimierampirenena ity Tolo-dalàna ity. Izy no mijery hoe mifanaraka na tsia amin'ny Lalàmpanorenantsika ny Tolo-dalàna.

Manarak'izay, misy ny filazana fa tokony ho "texte réglementaire" no hametrahana ny rafitra sy ny fomba fiasa amin'ny fanombanana ny politikam-panjakana. Ny "texte réglementaire" anefa fantatra fa eny anivon'ny Governemanta no mamoaka izany, kanefa asa hoentina hanombanana sy hanarahana maso azy no resahana eto. Noho izany, lasa "juge et partie" ny Governemanta raha izy ihany no hamoaka ny "texte réglementaire" mikasika ny asa tokony hataon'ny mpanombana. Ny Solombavambahoaka no manana fahefana manao lalàna. Vokatr'izay, ny Solombavambahoaka ihany no tokony hanao lalàna mba ahafahana manatanteraka ny asa nankinin'ny Lalàmpanorenana aminy.

Nanentana ny Solombavambahoaka ihany koa ny tenany mba handinika tsara alohan'ny handray fanapahan-kevitra satria zava-dehibe ho an'ny firenena ny fision'ity Tolo-dalàna ity.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, mpanolotra ny Tolo-dalàna, tamin'ny fanazavana narosony, Ramatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka nangataka izany.

Rehefa nomena fitenenana Andriamatoa DJAOSERA Irénée, nanontany ny tenany raha mbola mila fankatoavana avy amin'ny Antenimierampirenena ny rafitra misahana ny fanombanana rehefa vita ny tombana nataony.

Nomarihany, fa mampiahiahy raha misy olona hafa ankoatran'ny Solombavambahoaka no mpikambana ao amin'ny rafitra hatsangana io. Nangataka ny tenany mba ho Solombavambahoaka ihany no ho mpikambana ao amin'io rafitra hanao tombana io mba hahazoana vokatra marina sy madio raha hatsangana ihany izany.

Andriamatoa IDEALSON kosa raha nomena fitenenana, nilaza fa tsy afaka manao "délégation de pouvoir" ho an'ny rafitra hafa ny Solombavambahoaka raha ny andininy faha-68 ao amin'ny Lalàmpanorenana no jerena. Tsy mety sady tsy azo atao izany.

Mikasika ny mpitsara mahay ny kaontim-bolam-panjakana kosa, manampy ny Solombavambahoaka amin'ny fanaovana tombana no anjaran'izy ireo raha ny andininy faha-93 ao amin'ny Lalàmpanorenana ihany no jerena. Ny Lalàmpanorenana koa milaza, fa tokony hanao tatity ny asa vitany amin'ny Antenimiera roa tonta ny Governemanta ary azo atao am-bava na an-tsoratra izany.

Nambarany koa fa azo atao ny manangana Vaomiera Itambaran'ny Antoko Politika rehetra eto amin'ny Antenimierampirenena raha ny Fitsipika Anaty mifehy azy no jerena. Noho izany, tokony hatsaraina ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana izay efa misy na ampitoviana amin'ny fananganana Vaomiera mpanao fanadihadina ihany ny fananganana io rafitra iray voalaza teo io.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson, nilaza fa manao lalàna hanasoavana ny vahoaka Malagasy no asan'ny Solombavambahoaka ary manamarina izany izao fanolorana Tolo-dalàna izao.

Nambarany koa fa manjavozavo hatreto ny mikasika ny rafitra mpanao Fanombanana ny Politikam-panjakana eto Madagasikara, ka nohamafisiny ny voalazan'Andriamatoa DJAOSERA Irénée teo aloha hoe: tokony tsy hisy solotenan'ny Governemanta ao anatin'ny rafitra hanao izany tombana izany, fa aleo mba ny Solombavambahoaka irery ihany.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, kosa nilaza fa mahatsikaritra zavatra hafahafa ny tenany satria toa tsy mitovy hevitra ny teknisiana misolotena ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka raha ny tatitra no jerena. Tsy tsara ho an'ny firenena anefa izany tsy fitovian-kevitra izany satria mety hiteraka korontana, ka manahy aho, hoy izy, fa ho tratran'ny "inconstitutionnalité" ity Tolo-dalàna ity rehefa handalo eny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana.

Nambarany koa, fa mazava ny voalazan'ny Lalàmpanorenana hoe: manampy ny Solombavambahoaka amin'ny fanaovana tombana ny "Cour des Comptes", fa tsy hanangana rafitra vaovao intsony. Noho izany, mitsipaka ity Tolo-dalàna ity ny tenany ary manentana ny Solombavambahoaka mba tsy handany izany satria mifanohitra amin'ny Lalàmpanorenana misy eto amintsika.

Raha nomena fitenenana Andriamatoa FELICIEN Randrianantenaina, nilaza fa mazava ny voalazan'ny Solombavambahoaka IDEALSON saingy tsy miombon-kevitra amin'ny hananganana Vaomiera itambaran'ny Antoko Politika rehetra eto amin'ny Antenimierampirenena ny tenany satria misy tsy fitovian-kevitra teo amin'ny Governemanta sy ny Solombavambahoaka, ka mety hiteraka "inconstitutionnalité" izany araka ny nambaran'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert teo.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore kosa, rehefa nomena fitenenana, nanamarika fa na ankinina amin'ny rafitra hafa aza ny pitsopitsony ara-teknika amin'ny fanaovana tombana dia ny Solombavambahoaka ihany no tompon'ny asa ary izy ireo no mandray fanapahan-kevitra momba ny tatitra alefa any amin'ny Governemanta.

Momba ny solotenan'ny Governemanta ao amin'ny rafitra indray, efa nesorina izany raha jerena ny andininy faha-6 ao amin'ny tovana "version amendée".

Nambarany koa, fa voalaza ao amin'ny andininy faha-56 ao amin'ny Lalàmpanorenana ny asan'ny Governemanta ary tsy hita ao ireo ratsamangaika anankinan'ny Minisitera tsirairay avy ny fanatanterahany ny asa ataony. Raha izay lalan-tsaina izay no arahana, tsy manaja ny Lalàmpanorenana koa izany ny Governemanta.

Ny andininy faha-101 ao amin'ny Lalàmpanorenana koa milaza, fa amin'ny fiatombohan'ny fivoriana ara-potoana voalohan'ny Antenimierampirenena no anaovan'ny Governemanta ny tatitry ny asa vitany kanefa hatramin'izao mbola tsy tanteraka izany. Tsy vitan'ny fametraham-panontaniana ihany no anaovana tombana, fa zavatra maro no mila jerena amin'izany.

Nilaza ihany koa ny tenany, fa tsy voatery hitovy hevitra ny Solombavambahoaka sy ny Governemanta. Ny Solombavambahoaka no akaiky sy mahafantatra izay maharary ny vahoaka. Noho izany, tokony homena hasina ny Solombavambahoaka manoloana ny asa ataony.

Nomarihany koa, fa ity Tolo-dalàna ity no ahafahan'ny Solombavambahoaka manao tombana matotra mikasika ny politikam-panjakana ary ahafahana mampandroso ny

firenena; tsy ho an'ny Distrikan'i Vangahindrano ihany, fa ho an'i Madagasikara iray manontolo.

Andriamatoa DJAOSERA Irénée kosa raha niverina nandray fitenenana dia nanamarina fa tsy voatery hitovy hevitra ny Solombavambahoaka sy ny Governemanta. Manana ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana isika izay afaka manome ny heviny na ny "avis" momba ity Tolo-dalàna ity. Noho izany, tokony hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra aloha ny Solombavambahoaka ary aorian'izay ho hita eo raha "inconstitutionnelle" na tsia ity Tolo-dalàna natolotra ity.

Nilaza kosa Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera, raha nomena fitenenana, fa efa mazava ny voalazan'ny Solombavambahoaka nandray fitenenana teo ka aleo hiroso avy hatrany amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory.

Andriamatoa RAKOTONDRAVAO Georges kosa nanamarika, fa tsy misy tampenam-bava ny Solombavambahoaka rehefa tonga ny fotoana ifanatrehana amin'ny Governemanta na ny "rencontre avec le Gouvernement"; ka amin'izay, afaka mitatitra izay maharary ny Distrika misy azy avy isika rehetra.

Nambarany koa fa mbola afaka mitsipaka ity Tolo-dalàna ity ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana raha toa tsy mifanaraka amin'izany ny Tolo-dalàna izay nofidian'ny Solombavambahoaka.

Nanamarika kosa Andriamatoa FELCIEN Randrianantenaina, raha niverina nandray fitenenana, fa tsy nilaza izy hoe: tsy maintsy arahana izay tenin'ny Governemanta tamin'ny teny nataony teo aloha.

Nangataka ny hirosoana amin'ny tsangan-tànana kosa, Andriamatoa RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA, rehefa nomena fitenenana satria saika mitovy hevitra ny rehetra.

Raha namerina nandray fitenenana, Andriamatoa VELANTSARA Paul Bert, nanamafy ny voalazan'ny Solombavambahoaka RALAMBOZAFIMBOLOLONA RAZAFITSIMIALONA, fa tokony hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory satria mandeha ny fotoana.

Rehefa tsy nisy nanan-kolazaina intsony ny Solombavambahoaka, nanambara Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andininy momba ny Tolo-dalàna ny mpivory. Nampahatsiahiviny fa ahitana toko miisa efatra sy andininy miisa-16 ny Tolo-dalàna handraisana fanapahan-kevitra.

Famelabelarana ny antonantony: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Rehefa natao ny tsangan-tànana; Solombavambahoaka iray no nandany, Solombavambahoaka miisa 24 no nitsipaka; miisa 6 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny Famelabelarana ny antonantony.

## **“Chapitre I: Dispositions Générales”**

Andininy voalohany: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 24 no nitsipaka; miisa 6 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny andininy voalohany.

Andininy faha-2: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana).

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 24 no nitsipaka; miisa 3 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny andininy faha-2.

Andininy faha-3: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 26 no nitsipaka, iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha fa tsy lany ny Andininy faha-3.

Andininy faha-4: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 26 no nitsipaka; miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny Andininy faha-4.

## **“Chapitre II: De l’Organisation Institutionnelle de l’Evaluation des Politiques”**

Andininy faha-5: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana).

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 26 no nitsipaka; miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny andininy faha-5.

Andininy faha-6: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana).

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 26 no nitsipaka; miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny andininy faha-6.

Andininy faha-7: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 26 no nitsipaka; miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny andininy faha-7.

Andininy faha-8: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 26 no nitsipaka; miisa 3 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny andininy faha-8.

Andininy faha-9: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 26 no nitsipaka; miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny andininy faha-9.

Andininy faha-10: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 26 no nitsipaka; miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny andininy faha-10.

### **«Chapitre III: De La Procédure à suivre en matière d’Evaluation des Politiques Publiques»**

Andininy faha-11: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 26 no nitsipaka; miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny andininy faha-11.

Andininy faha-12: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 26 no nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny andininy faha-12.

### **“Chapitre IV: Dispositions Diverses et Finales”**

Andininy faha-13: lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 26 no nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny andininy faha-13.

Andininy faha-14: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 29 no nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny andininy faha-14.

Andininy faha-15: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 30 no nitsipaka; miisa 2 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny andininy faha-15.

Andininy faha-16: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 43 no nitsipaka; miisa 3 no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany ny andininy faha-16.

Taorian'ny fandaniana isan'andininy, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2021/PL ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànanana, Solombavambahoaka iray no nandany; Solombavambahoaka miisa 34 no nitsipaka; iray no tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy lany na notsipahan'ny fivoriambe ny Tolo-dalàna laharana faha-006-2021/PL “relative à l’Evaluation des Politiques Publiques à Madagascar”, natolotry ny Solombavambahoaka JOHASY RAHARISOA Eléonore voafidy tao amin'ny Distrikan'i Vangaindrano sy ireo mpiara-dia aminy.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa Filoha fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna raha toa manan-kambara.

Fisaorana no nataon-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore satria nanatanteraka ny asany ara-demokratika ny Solombavambahoaka nanatrika ny fivoriana teto.

Nambarany koa, fa na tsy mahazaka ny asa nankinina taminy ny Antenimierampirenena na matahotra ny hanaovana tombana koa ny fitondram-panjakana ka izay no antony nitsipahana ny Tolo-dalàna natolony. Noho izany, tomponandraikitra feno ny Solombavambahoaka izay nandray fanapahan-kevitra androany raha tsy tratra ny tanjona amin'ny fampandrosoana an'i Madagasikara.

Nampahatsiahiviny fa tsy mbola hahavita hanao fanombanana ny vaomiera mijoro eto anivon'ny Antenimierampirenena amin'izao fotoana izao satria na birao aza tsy ananany; tahaka izay koa, tsy misy ny enti-manana hanaovana ny asa.

Nomarihany fa demokraty ny tenany ka manaja izay safidin'ny maro an'isa; izay no namaranany ny teny nataony.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nisaotra an-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, tamin'ny fanehoan-kevitra narosony, Ramatoa Filoha ary nampahatsiah, fa hisy "rapport de mission" mikasika ny «Travaux de la Commission de l'éducation, de la Communication et des Affaires Culturelles (CECAC); travaux du Réseau des femmes parlementaires et du Réseau des jeunes parlementaires Papeete (Polynésie française)», tamin'ny 19 ka hatramin'ny 22 Aprily 2022 hataon'ny delegasionan'ny Antenimierampirenena.

Ao koa ny «rapport de mission»: momba ny «Réunion intersessionnelle de la Commission des Affaires Parlementaire de l'Assemblée Parlementaire de la Francophonie (APF)» tamin'ny 23 sy 24 Mey 2022 natao tany «Bruxelles» ary ny

«Rapport de la Commission sur la mise en accusation devant la Haute Cour de Justice (HCJ): (Etat de la Procédure)»; izay samy hatao anio Alarobia 15 Jona 2022, manomboka amin'ny 3 ora, tolak'andro.

Nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika amin'ny fanatrehany izany ny tenany.

Niato tamin'ny 1 ora sy 50 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

